Commission Electorale Nationale Indépendante

CENI MADAGASCAR

LAHATENIN'NY FILOHAN'NY VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA (CENI) FAMPAHAFANTARANA NY VOKA-PIFIDIANANA VONJIMAIKA NY FIHODINANA FAHAROA NY FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA 27 desambra 2018

- Ianareo filohan'ny andrim-panjakana rehetra.
- Ianareo mpikambana ao amin'ny birao maharitry ny CENI.
- Ianareo mpikambana ao amin'ny andrim-panjakana rehetra.
- Ianareo mpikambana ao amin'ny governemanta
- Ianareo masoivohom-pirenena sy mpikambana ao amin'ny fianakaviam-be iraisam-pirenena
- Ianareo mpanara-maso fifidianana
- Ianareo namana mpiara-miasa rehetra
- Tompokoloahy sy tompokovavy

Asa jamba rafozana ny raharam-pifidianana, satria raha mirindra sy milamina dia tahaka ny nandeha ho azy, fa raha misy ny mandrangitra dia ny CENI no nahatonga izany.

Tsy mitarai-tana-miepaka anefa izahay, fa manaiky hiantsoroka izany amim-pitiavana, firenentsika tsy hiotsaka any amin'ny korontana.

Am-panentren-tena tanteraka no hilazako eto, amin'ny maha filohan'ny CENI ny tenako, fa ny andrim-panjakana izay tarihako, dia voarafitra olona vanona sy tia tanindrazana.

- Tsy ny CENI no olana eto amin'ny firenentsika, fa ny fifankahalana sy ny tsy fifankatiavana manjaka ao am-pontsika.
- Ny olana dia ny finiavantsika hampanjaka ny tombotsoa manokana eo anatrehan'ny tombotsoan'ny Malagasy 24 tapitrisa.
- Ny olana dia ny nialantsika amin'ny soatoavina navelan'ireo razantsika, sy ny fahamarinana : verezin'ny tsikalakalam-bola ny tsikalakalam-pihavanana…

Eto dia miangavy anareo izahay, aoka re hajanona ny fanaratsiana sy ny fanenjehana ny CENI e ! Aoka isika hiara-hahatsapa fa andry iray lehibe hiarovana ny firenentsika tsy hirodana ny CENI : Izahay dia tsy natao hiarovana tombotsoa manokana, fa kosa hiaro ny tombotsoan'ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo.

Tianay ihany koa ny manoritra etoana, fa ny CENI dia tsy manana solon-tena any amin'ny biraom-pifidianana. Ny vahoaka mpifidy, ireo mpanara-maso, ireo olo-be any an-toerana, ary ireo solotenan'ny kandidà no any. Ny anjara asan'ny CENI, dia ny manangona sy mandrafitra ny voka-pifidianana, amin'ny alalan'ireo fitanana an-tsoratra mivoaka isaky ny biraom-pifidianana.

Noho izany, raha misy ny madilana avy amin'ny biraom-pifidianana, dia aoka samy handray ny andraikitra tandrify azy ny rehetra, fa aza adaboka aty aminay izany. Nanao sonia ny fitanana an-tsoratra ny mpisolo tena antsika, ary manaiky ny fizotran'ny fifidianana, matoa tsy nanao fanakianana an-tsoratra.

Ho fanajana ny mangarahara, dia saika nanaiky hatrany ny fangatahan'ireo fifampitokisana.

Ny kandidà iray kosa nagataka ny fitsirihina sy fampitoviana (confrontation) ireo antontan-taratasy, avy amin'ny biraom-pifidianana. Nekena izany mba hivoahan'ny marina, sy ahazoana fitoniana, na dia tsy nanana antontan-taratasy ho hampitoviana aza ireo mpangataka.

Ankehitriny kosa anefa, mba hitandroantsika ny filaminana, sy hiarovantsika ny fandriam-pahalemena, dia toherinay etoana ny fampiasana ny vokatr'izany fahalalahana nomenay izany, amin'ny fanakorontanana ny lamina napetraka, sy ny zotram-piafidianana eto Madagasikara.

Manana fitsarana mahefa isika, hahafahantsika mitondra izay rehetra heverintsika fa fandikan-dalàna, ao anatin'izao rehetra izao. Mahatoky ny fahendren'izany andrim-panjakana fototra izany isika mianakavy. Ary izany no hahatongavantsika ao anaty famindram-pahefana mirindra sy milamina.

Ankehitriny dia mitodika amin'ireo kandidà roa tonta izahay :

Tsy azo hiadian-kevitra fa Ray aman-dRenin’ny Malagasy ianareo. Voamarikay ireo taha-pahavitrihan’ireo mpiray tanindrazana nifidy anareo. Samy mavesa-danja izany taha izany.

Noho izany, raha tena tia tanindrazana marina ianareo, dia tokony hifanatona, satria samy manana adidy hitady izay mety ho fandaminana ho amin’ny tombontsoan’ny vahoaka Malagasy.

Aoka hampangina ny ambom-po sy ny tendrom-po tsy namana. Samia manao ezaka ho hitan’ny besinimaro. Aoka isika tsy hiandry ny fiavian’ny loza vao handray andraikitra, satria tsy ekentsika intsony ny hampiaina ireo mpiray tanindrazana amintsika, korontana sy savorovoro. Aoka ho tsapantsika fa misy mpanara-maso isika, dia ireo maro an’isa tsy miteny, kanefa mitsara izay zavatra ataontsika.

Hatreto dia niezaka araka izay vitany ny CENI, nanome fahafaham-po ireo fitakiana izay nentinareo teo anatrehany, tsy mora ny nanatontosa ireny, fa mitaky fandraisan’andraikitra sy fanapahan-kevitra. Ankehitriny kosa ary, dia mba anjaranay indray no mitaky aminareo, ireo fanariana rehetra ireo, amin’ny anaran’ny vahoaka rehetra ireo, amin’ny anaran’ny vahoaka Malagasy sy ny fiaraha-monina iraisam-pierena.

Matoky ny fahendrenareo izahay, ary mametraka sahady ny fisaorana mialoha.

Ho famaranana ary, dia manararaotra izao fotoana izao izahay, hanatitra fisaorana sy fankatelemana, ireo rehetra nandray anjara, tamin’ny fampanjariana izao fifidianana izao :

Tonononay amin’izany :

- Ireo vahoaka mpifidy
- Ireo mpanara-maso fifidianana
- Ireo mpanao gazety, indrindra ireo avy ao amin’ny ORTM.
- Ny mpitandro ny filaminana
- Ny fianakaviambe iraisam-pirenena indrindra ny SACEM.
- Ireo kandida sy ny mpisolo tenany
- Ireo tompon’andraikim-panjakana
- Fa indrindraindrindra, ireo mpiasa rehetra eto amin’ny CENI foibe sy ireo ratsa-mangaika.

Ela velona anie ny Repoblika Malagasy.

Dia samy ho tahian’Andriamanitra avokoa isika rehetra.

Misaotra tompoko !